TANY
Collectif pour la défense des terres malgaches

# NOLAZAINA TAMIN’NY TANORA SY NY OLOMPIRENENA REHETRA VE NY MARINA REHETRA MAHAKASIKA NY FIFAMPIRAHARAHANA VITA TATO ATO SY MBOLA MIZOTRA MOMBA NY TETIKASA BASE TOLIARA ?

Niverina nihamaro tao anatin'ny iray volana ny lahatsoratra tao amin'ny gazety malagasy maneho fitakiana ny fitsaharan’ny fampiatoana ny asan’ny tetik'asa Base Toliara (1)(2). Rehefa mamaky am-pitandremana azy ireo anefa dia mahita fa tena ilaina ny fanazavana fanampiny.

Voalohany, ny fividianan’ny orinasa amerikana ENERGY FUELS ny orinasa Aostraliana BASE RESSOURCES dia manova tanteraka ny asan'ny BASE TOLIARA. Marina fa voalaza fa ho tazonina amin’ny toerany ireo mpiasa ankehitriny. Etsy ankilany anefa, ankoatra ny ilménite, zircon ary rutile izay efa nokasaina ho vokarina teo aloha avy amin’ny fasimainty ao Toliara faha II, dia hamokatra tany tsy fahita firy (terres rares) sy “uranium be dia be (…) **amin’ny vidiny mirary** (…) avy amin’ny monazite, mandritra ny fotoana haharetan’ny tetikasa” (3) ny orinasa.

Mandritra ny fifampiraharahana momba ny fikasàna hamerina BASE TOLIARA hiasa dia tokony ho tonga saina ny mpitondra fanjakana Malagasy ao amin’ny governemanta momba ny loza fanampiny mananotanona ny fahasalaman'ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana, hateraky ny fitrandrahana ny monazita fantatra amin'ny radioactivité avo lenta. Tsy adino koa ny voka-dratsy ara-pahasalamana avy amin'ny fitrandrahana zircon izay efa nisy fanairana maro avy amin'ny mpahay siansa sy fikambanana teo aloha! (4). Tsy tokony avela hijanona ao amin’ny tsy fahafantarany izany fitomboan’ny loza izany ny mponina, ary anjaran'ny governemanta ny mampahafantatra azy ireo haingana momba izany.

Sahy milaza sy manoratra ireo mpanentana ny mpanohana ny tetikasa Base Toliara fa tsy miteraka aretina ny fitrandrahana harena ankibon’ny tany (1). Momba io lohahevitra io, dia tsiahivina ny fanambaràna navoakan’ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena teo aloha (5), fa misy fivondronan’ny mpisolo vava anglisy Leigh Day nanomboka ny zotra hametrahana fitoriana any amin’ny fitsaràna ny orinasa Rio Tinto QMM amin'ny anaran'ireo mponina mipetraka manodidina ny toeram-pitrandrahana. Miampanga ny orinasa QMM izy ireo ho mandoto ny rian-drano sy ny farihy ampiasainy ho an'ny filàna ao an-tokatrano trano amin'ny uranium sy firaka manana taha avo sy manimba, izay mampidi-doza ho an'ny fahasalamany. "Ny fanambarana dia milaza fa betsaka ny zava-misy azo hiheverana fa ny vokatry ny asa fitrandrahan’ny QMM no antony mahatonga ny haavon'ireo taha ireo" (6).

Tamin’ny volana martsa 2024, dia “nantsoin’ny biraon’ny lehiben’ny distrika sy ny biraom-paritry ny Ministeran’ny serasera ireo onjam-peo tsy miankina miasa ao Toliara, izay nanaiky handefa fandaharana (…) manazava ny hevi-baventy momba ny fiantraikan’ny fitrandrahana monazita kasaina hatao, mba hampitsahatra ireo fampielezam-peo ireo, amin’ny filazana fa manimba ny filaminam-bahoaka” (7). Tsy azo ekena ny tsy fisiana sy tsy fahampian'ny fampahalalam-baovao ho an'ny mponina rehetra ao an-toerana mikasika ny fitomboan'ny risika sy ny loza hihatra amin’ny vondrom-piarahamonina raha misy ny famerenana ny asan’ity tetikasa mihantona amin'izao fotoana izao ity.

Tetsy an-danin’izany anefa ny lohatenin’ny lahatsoratra an-gazety dia nanambara ny 28 jona hoe “Toliara I: Filaharan’olona 4000 ho an’ny fanokafana ny Base Toliara” (1), avy eo ny 6 Jolay 2024 “Base Toliara: Hetsika mafy nataon’ny mponin’i Toliara II ho an’ny fanokafana azy indray” (2). Tena nanaitra ny saina ny nihevitra hoe nisy hetsika mahery vaika roa nifanelanelana herinandro. Diso fanantenana tanteraka anefa ny mpamaky taorian'ny famakiana tsara ireo lahatsoratra roa, izay tena fanodinkodinana be fahatany sy mibaribary : hay ny filaharana fankalazana ny fetin'ny fahaleovantena tamin'ny 26 Jona, izay manentana ny olom-pirenena amin’ny tanàna rehetra eto Madagasikara isan-taona no noresahan’ireo lahatsoratra roa.

Tsy afaka hamela handalo fotsiny ny fomba fanararaotana sy fanodikodinana ny filaharana fankalazana ny fetin’ny fahaleovantena ho fanandratana ny famerenana ny tetikasa Base Toliara hiasa izahay ka mampahatsiahy ireo mpanentana ny mpanohana ny tetikasa Base Toliara amin’ny ambaratongan-taona rehetra fa olompirenena Malagasy an’arivony no niady sy nisy namoy ny ainy mba hahatonga an’i Madagasikara hahaleotena, nanomboka tamin’ny

fanafihan'ny mpanjanan-tany talohan'ny taona 1896 ka hatramin'ny 1947, izay niharan'ny famoretana mafy ny tolom-bahoaka tany amin'ny faritra maro teto Madagasikara. Izany no mahatonga ny fanodikodinana ny filaharana ho fankalazana ny fahaleovantena nanjary fitakiana ny fanokafana ny tetikasa Base Toliara sy ny fanafenana vaovao manan-danja sy mety hihatra aman'aina amin'ny mponina, ho tena fomba fiasa maneho tsy fanajàna sy feno fitaka.

## Tsoa-kevitra

Ny mety ho fanokafana ny tetikasa Base Toliara, raha sanatria hisy izany, dia tsy hitondra "fahaleovantena ara-toekarena" ho an'ny faritra Atsimo Andrefana araka ny soso-kevitr'ireo mpamorona ny lahatsoratra an-gazety. Hiaraha-mahita fa noho ny antony maro samihafa dia tsy nahazo fahaleovantena na fahavitan-tena ara-toekarena ireo faritra eto Madagasikara nitrandrahan'ny orinasa Rio Tinto QMM sy Ambatovy nandritra ny folo taona mahery izao. Ary eran-tany, **tsy misy** firenena "an-dalam-pandrosoana", izay sady tsy manana politikam-panjakana feno fahasahiana, no tsy manana olona avy eo an-toerana tena mahay ary mahafehy ny teknika takian'ny fahafahana misintona ny tombotsoa rehetra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany ho tombontsoan'ny firenena sy ny mponina rehetra ao aminy, izay nanjary nahaleo tena ara-toekarena tamin'ny alàlan'ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny taniny. Ny mpandinika eto amin'ity sehatra ity dia miresaka bebe kokoa momba ny "ozona entin'ny harena", izay mbola azo resahana ao aoriana kely.

- Ny mety hisian'ny asa vitsy an'isa atolotry ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, izay mety hamaha ny ampahany kely amin'ny olana lehibe momba ny tsy fananan'ny tanora asa, dia tsy tokony hatao hanimba ny fahasalaman'ny vondrom-piarahamonina rehetra.

- Tsy maintsy atsahatra tanteraka ny tetikasa Base Toliara, araka ny fitakian'ny vondrom-piarahamonina maro an'isa voakasika, izay nanao filaharambe tamin'ny faha-19 marsa 2024 (8) sy nalain'ny fikambanana amin'ny firaisamonim-pirenena feo matetika (9) ary nandefa taratasy samihafa tamin'ny Filoha Andry Rajoelina teo aloha.

23 jolay 2024

Fikambanana TANY miaro ny tany Malagasy - Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY
patrimoine.malgache@yahoo.fr, http://terresmalgaches.info, facebook; TANYterresmalgaches, X : @CollectifTany, instagram: Collectif Tany

**Rakitra nisintonana hevitra**

(1) https://newsmada.com/2024/06/28/26-juin-a-toliara-plus-de-4-000-manifestants-reclament-la-reouverture-de-base-toliara/
https://midi-madagasikara.mg/toliara-i-defile-de-4-000-personnes-pour-la-reouverture-de-base-toliara/
(2) https://midi-madagasikara.mg/base-toliara-forte-mobilisation-de-la-population-de-toliara-ii-pour-sa-reouverture/
(3) https://www.energyfuels.com/2024-04-21-Energy-Fuels-Announces-Agreement-for-Transformational-Acquisition-of-Base-Resources,-Creating-a-Global-Leader-in-Critical-Minerals-Production-with-a-Focus-on-Uranium,-Rare-Earth-Elements-and-Heavy-Mineral-Sands
https://baseresources.com.au/news-media/latest-news/ - ny Collectif TANY no nampisongadina ilay soratra hoe "amin'ny vidiny mirary"
https://www.madagascar-tribune.com/Les-autorites-qui-decideraient-de,27969.html.
(4) https://www.agencemalagasydepresse.com/social/communique-la-politique-du-sacrifice-des-droits-fondamentaux-des-communautes-du-district-de-toliara-ii-ne-doit-pas-etre-consacree-avec-la-reprise-du-projet-integre-base-toliara/
(5) La mine de Rio Tinto à Madagascar promettait la prospérité. Cela a entaché une communauté. (theintercept.com)
(6) https://craadoimada.com/base-toliara-les-droits-des-communautes/;
(7) https://terresmalgaches.info/newsletter/article/communique-fr-stop-a-la-discrimination-et-a?recherche=Base%20Toliara
(8) https://www.youtube.com/watch?v=kXPvSeVkdh0